## Ny Valosoa sy hadihady

### Andry Rajoelina

# Ho voadaka hipitika satria tsy mahay mitantam-pirenena

Potika ny Firenena ary na amin'ny taona 2060 aza tsy handroso raha mbola Rajoelina Andry Nirina ihany no hitantana an'i Madagasikara. Tsiahivina fa ity filoha (filou) ity no niteny fa raha mbola ireo mpamatsy vola mahazatra ireo no hianteherana dia na amin'io taona voalaza etsy ambony itsy aza dia tsy handroso i Madagasikara ary namafisiny fa izay tsy vitan'ireo Filoham-pirenena na Filoham-panjakana tao anatin'ny enimpolo taona dia ho vitainy ao anatin'ny dimy taona. Ny mifanohitra amin'izany no iainan'ny Malagasy amin'izao fifaranan'ny fitondrany izao, satria miady ny rambony i Madagasikara eo amin'ny sehatry ny toekarena, ny vahoaka maro an'isa dia miaina ao anatin'ny fahantrana na dia nisy nanome azy amboara amin'ny ady ataony amin'ny tsy fanjarian-tsakafo aza. Tsy misy asa ho an'ny tanora nahavita fianarana ambony, satria potika daholo ireo ozinina mpanodina vokatra eto amin'ny Firenena (Sumatex, Sotema, Orinasa afaka haba, Secren, Ozinina mpanao siramamy, sns…) na dia nisy nanolotra amboara ho azy amin'ny maha tompondaka azy amin'ny fananganana indostria aza. Nambaran'ny tany ivelany koa fa lohalaharana eo amin'ny fahaizamitantanana ny minisitry ny Toekarena sy ny Vola kanefa tsy mitsaha-mitotongana ny sandambola ariary ary efa eo am-pototry ny tsy fahafaha-mamoaka vola (cessation de paiement) izao fitondrana izao. Manampy trotraka izany ny fanapotehan'ny tandapa ny voly fanondrana toy ny lavanila kanefa efa ho fitonjato taonina ny vary hafarana hany, tsy mifandanja intsony ny vola vahiny mivoaka sy miditra (balance commerciale déficitaire) ka banky rompitra ny fitondrana. Tranga maro no manaporofo izany toy ny tsy fahafahana mandoa ny karaman'ireo orinasa nanao làlana sy ny tambikaraman'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra, ny tsy fandoavana ny vatsimpianaran'ny mpianatra eny amin'ny Ambaratonga Ambony. Tsy voaloa ny tambin-karaman'ireo mpiandry fanadinana bakalorea efa tany amin'ny taona 2021. Potika ny Làlampirenena rehetra manerana ny Nosy sy ny làlana an-tanàn-dehibe ka eo maro no lany noho ny fitohanana ateraky ny lavaka etsy sy eroa eto an-drenivohitra. Potika avokoa ny seha-piharian'ny mpanao asa tànana miankina amin'ny herinaratra noho ny fahatapahan-jiro lavareny mandritra ny ora maro manerana ny Nosy. Nanome baiko ny minisitry ny angôvo sy ny akorana'afo ny filohan'ny Repoblika telo herinandro lasa izay hanafoanana ny delestazy nifarana ny alatsinainy teo ny fepotoana kanefa mbola mitohy izany hatramin'ny androany. Ny manahirana anefa dia andro vitsy taorian'io baiko io dia nanambara indray Rajoelina Andry Nirina, fa afaka dimy taona no tena tsy hisy intsony ny delestazy satria efa eo an-dàlanam-pananganana ny toha-drano hamokarana herinaratra any Sahofika sy Ivolobe. Nopotehina ny Orinasam-pitaterana an'habakabaka reharehan'ny firenena, Air Madagascar, satria namidin-dRajoelina Andry Nirina tamin'izy filohan' ny tetezamita ny Boeing nomen'ny Filoha Ravalomanana Marc ny orinasa dia nosoloiny Air Bus izay tranon'akoho amin'izao fotoana izao. Nasolo ny Air Madagascar ny Madagascar Airlines izay efa eo andàlam-pahapotehana koa amin'izao fotoana izao. Potehin-dRajoelina Andry Nirina ny fiainan'ny olompirenena izay heveriny sy ny tandapany ho manelingelina azy ary hatahorany mafy ho mpifanandrina manana herijika mety tsy ho azony toherina eo amin'ny sehatra politika. Nangoron-karena teto Madagasikara ny mpanjanaka nandritra ny telo ambienimpolo taona, kanefa fotodrafitrasa maro no nataony (làlamby, fiantsonan'ny fiaran-dàlamby, sns,…) na dia nisy endrika fanandevozana aza ny fanatanterahana izany. Ny frantsay mitantana ny Firenena Malagasy nandritra ny efatra taona kosa dia mangoron-karena ary ny fotodrafitrasa natsangany dia tsy miteraka fampandrosoana ny Firenena sy fampivoarana ho amin'ny tsaratsara kokoa ny fiainan'ny vahoaka. Arak'izany dia tsy misy azo antenaina amin'izao fitondrana izao satria potika ny toekarena, mahantra ny vahoaka, ka Rajoelina Andry Nirina ihany no niteny fa « ho dakana tahaka ny baolina izay rehetra tsy mahavita azy eo amin'ny fitantanana ny Firenena» ary narahiny fihetsika izany. Izy tenany mihitsy izao no ho voadaka ho aezy hitsingidina 30 andro sisa : J- 30.

*Andry Tsiavalona*

**TIM SAMBAVA**

# Mivonona hampandresy ny filoha Ravalomanana

Mivonona hampandresy ny filoha Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana ny TIM any Sambava faritra Sava. Nivory ireo mpikambana ao amin'nyy antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ny distrikan'i Sambava ireo ny faran'ny herinandro teo. Tonga maro ireo solontenan'ny mpikambana avy amin'ny kaominina miisa 28 ao amin'ny distrikan'i Sambava. Ny tanjona hoy ireo mpikatroka TIM dia ny hametraka ny filoha Marc Ravalomanana eo amin'ny fitondrana indray, satria mahatsapa izy ireo, fa nijaly nandritra izay 5 taona izay , ary hita hoy izy ireo fa simba tanteraka ny sehatra fiharina lavanila, izay havokavoky ny fihariana any amin'ny faritra Sava, nefa nopotehin'ny mpitondra amin' izao fotoana, izay tarihan'ny filoha Andry Rajoelina.

*Isambilo*



*Ny fivorian'ireo mpitarika TIM, avy amin'ny kaominina miisa 28 any amin'ny distrikan'i Sambava.*

## TONONKALO

### NY DIAN'NY FILOHA

Hifarana ihany ny dian-dRajoelina
Saingy tsy nisy tapiam-piovana,
Fa tena nihitsoka anaty tonelina
Ilay lamasinin'ny fanantenana !

Vahoaka mandady , mitrongy vao homana,
No hita sy re ny fidradradrany.
Hanova no antony mba nitolomana,
Nefa vao mainka milentika hatrany !

Fampanantenana sy toky miavosa
No nenti-nandrobo sy nirehareha,
Saingy indrisy fa tena tsy nety nisosa
Ilay hoe lamasinina haingam-pandeha !

Efa maro dia maro ireo niala an-daharana,
Be no nanidina nifindra lasy.
Tsy misy mba tazana izay fivoarana,
Mainka milentika ramalagasy !

…Ka asa raha hisy indray ny famaharana
Hataony sy mbola hoketrehin'ny olony,
Fa raha ny marina , efa hifarana
Ny amin-dRajoelina sy ny bontolony !

*DADAN'i RIANA (09-08-23)*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Tsy misy tia tanindrazana minia maka zom-pirenena Frantsay izany



**Thierry Raniri :** aiza koa leretsy no hisy tia tanindrazana manary zom-pireneny zany a, tsy misy tia tanindrazana minia maka zom-pirenena Frantsay izany.

**Faramalala Raharimanana :** aondran'ny sasany ny harem-pirenena, atao tantely afa-drakotra ny volan'ny Cnaps sns... dia avela andeha amzao fotsiny. Eo tsik no raisina ra zany.

**To'jou Tojou :** Faramalala Raharimanana : aleo aloh andeha fifidianana fa io zao malaza e... Aleo ny vahoaka no hitsara...

**Faramalala Raharimanana :** To'jou Tojou : ka io ny asany koa no hitsarana azy.

**Alisoa Lucile :** TSY LANY DATY NY RESAKA FÔ PAHAFATIN-DRAJOELINA IO MIPETRAKA HO SOVENIRA ! = UN NATURALISÉ FRANÇAIS AU TRÔNE TERATANY MALAGASY PENDANT UN MANDAT DE 5 ANS ! " IMPOSSIBLE MAIS POSSIBLE , INCROYABLE MAIS VRAI ! " OH ALEFA FÔ ZISKÀ J- 30 ! DEHORS À JAMAIS " FILOU LAFUITE ! " .

**To'jou Tojou :** Alisoa Lucile : kkkkk Neny ko zany de misahirana a… Samy mizaka ZO Mpirenena frantsay dôli re tompko oo… Rah ts zn ve reo olona Ambony reo ts d mis sahy miresk zn firy fa le mpikarama an'ady ampirisahan zareo itata eo ee... Mb alefaso lavitr saina re tompoko fa aza d faly anejika fotsin a...

**Tinah Lee Chan :** To'jou Tojou : hafa ny atao hoe naturalisé sy double nationalité, fa mba mianara ihany sa T2 no niala nianatra.

**Randrianarijaona Nirilanto Franquie :** very i Madagasikara, firenena manana ny fiandrianana voahitsakitsaka, tena fady tanteraka raha olom-pirenena malagasy, na filoha mizaka na manana zom-pirenena hafa no misabaka afaka mibaiko ny tafika, sy ny andrimpanjakana rehetra, no sady mbola manana ny filoham-pirenena amboniny afaka mifehy sy mibaiko azy amin'ny maha vazaha taratasy azy, tsy mendrika ho an'i Madagasikara izany, ampitampitao sy aparitaho ho fantatry ny malagasy rehetra ry zalahy.

**Zèdaô Râ Zo :** de le tafika mbol mtehaka iany mihaino avendranany mikabary !

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00